# VIH sy SIDA



## 1.Inona moa ny IST?


Ny IST dia fanafohezan-teny an'ireo areti-mifindra noho ny firaisana. Ireo areti-mifindra ireo dia mifindra avy amin'ny olona iray ho amin'ony olona iray hafa, ka marihina fa amndritry ny firaisana ara-nofo izany. Rehefa mety ho karazana sy endrika firaisana ra-nofo dia maty hitondra ho amin'ny IST. Betsaka ireo IST no tsy maneho toetra ivelany mety ahafantarana ny fisehony. Ny fitiliana sy ny fitsaoana tena mialoha araka izay azo atao ireo IST manjo ny mpiaraka miray dia maty hisakana ny fitrangan'ny vokatra entitra.
Ireo IST mateti-pitranga dia :

- ny gonorrhée
- ny trichomonas
- ny herpès génital
- ny hépatite B
- ny chlamydia
- ny virus du papillon humain (VHP)
- ny syphilis



## 2. Inona moa ny VIH?

Ny VIH dia tsimok'aretin'ny faharavan'ny hery fiarovan'ny olombelona. Ny tsimok'aretina dia rafitra madinika tsy mety ho hitra raha tsy amin'ny alalan'ny mikiraosikaopy. Sahala amin'ireo tsimok'aretina hafa rehetra, dia tsy maintsy mandrava sela veona ny VIHA mba ahazoany mitombo isa . rehefa mnidiran'ny VIH ny olona iray, dia tafihan'io tsimok'aretina VIH ion ka halemeny ny rafitry ny fiarovan'io olona io. Amin'izay, raha tsy voatrabo ny tsimok'aretina VIH dia hiha-hitombo ka ho tonga SIDA amin'ny farany.



Modèle de Virus de l'Immunodéficience Humaine

## 3. Inona moa ny SIDA?

Ny dikan'ny hoe SIDA dia : Syndrome d'immuno-déficience acquise. Lazaina fa voan'ny SIDA ny olona iray amin'ny fotoana izay mahatonga ny hery fiarovana ao aminy ho tena ambanyd ia ambany, hany ka tsy afaka intsiny izy hiady amin'ny tsimok'aretina toy ny pneumonie na koa ny raboka. Raha tsy mahazo fitaboana ny olona mitondra ny VIH dia ho tratry ny SIDA ny olona iray eo anelanelan'ny 3 ka hatramin'ny 10 taona aorian'ny nidiran'ny tsimok'aretina, arakaraky ny hery fanoherana ao aminy.

## 4. Manao ahoana ny fiasan'ny hery fiarovan'ny vatan'olombelona ?

Ny firafitry ny fiarovan'ny vatan'olombelona no fomba hiarovantsika ny tenantsika amin'ny tsimok'aretina sy ireo aretina samihafa. Izy io dia ahitana sela fotsy an-tapitrisany izay miady amin'ny tsimok'aretina. Ny VIH dia mamotika ny sela fotsy izay antsoina koa hoe lymphocytes CD4-T. tsy tsapantsika izany saingy izao : ny vatantsika dia mailo mandrakariva mba hiaro antsika amin'ny aretina. Ny olona tonga amin'ny dingan'ny aretina SIDA dia handairan'ireo tsimok'aretina izay tsy hampihontsona sy tsy hamparary akory ny olon-kafa izay manana hery fiarovana salama. Ireny otrik'aretina ireny no antsoina hoe « otrik'aretina mpanararaotra ».

## 5. Ahoana no fomba fifindran'ny VIH?

Ao amin'ny olona mitondra ny tsimok'aretina VIH, ny ahitana be indrindra ny tsimok'aretina dia dia ao anatin'ny rà, ny tsirinaina, ny tsiranoky ny taovam-pananahan'ny vehvavy sy ny nonon-dreny. Ny VIH dia voatily, saingy kelikely kosa, ao anatin'ireo tsiranoka hafan'ny vatana (toy ny rora, ny fivalanan-drano sy ny ranomaso). Ireo voalaza farany ireo dia tsy heverina ho mahatonga ny fifindran'ny tsimok'aretina VIH.

Antony 3 lehibe no mampifindra ny VIH :

1) Ny firaisana ara-nofo amin'olona mitondra ny tsimok'aretina VIH,
2) Ny fampidirana ao amin'ny vatana rà misy tsimok'aretina VIH,
3) Famindrana avy amin'ny reny mankamin'ny zaza noho ny tsimok'aretina misy mandritra ny vohoka sy eo am-piterahana, sy ny fampinonoan'ny reny mitondra ny tsimok'aretina. )

Izany dia midika fa toy izao ny mety ho fifindran'ny VIH :

- Firaisana ara-nofo amin'ny olona misy tsimok'aretina VIH, tsy miaro tena ;
- Fanindronana sy fanjaitra misy ny tsimok'aretina VIH ;
- Fitaovana misy ny tsimok'aretina ka mandoaka na mandratra ny hoditra (tombokavatra, didim-poitra, didim-poitra, fanevehana sofina, orona na faritra hafa sy ireo mitovy aminy);
- Famindràna rà misy VIH raha tahiny ilay rà ka tsy nandalo fitilana VIH ara-penitra (na natao mandrity fotoana mbola tsy ahafantarana na misy VIH na tsia ilay rà notiliana (séroconversion) ;
- Ny VIH dia mety ho tafafindran'ny reny amin'ny zaza ao am-bohoka mandritry ny fotoana hifaramparanan'ny vohok, na mandritry ny fiterahana, na noho ny fampinonoana ny zaza ;
- Ireo tsiranoka mandrafitra ny vatana mifampikasoka amin'ny ratra, fery misokatra na kiaka eo amin'ny olona salama.

***Raha fantatrao fa mitondra ny tsimok'aretina VIH (séropositif) ianao dia aza manao firaisana ara-nofo tsy voaaro. Aoka re tsy hamindra ny tsimok'aretina***




## 6. Inona ireo trangan-javatra tsy mampifindra ny VIH?

Tsy hifindra aminao ny VIH noho ny fifampikasohana tsotra.
Tsy hifindra aminao ny VIH amin'ireto fomba manaraka ireto :

- Manoroka eo amin'ny takolaka
- Miara-matory
- Miara-misakafo
- Misotro amin'ny vera ikambanana
- Mihevina na mikohoka
- Miara-mampiasa trano fidiovana iraisana
- Mikasika ny famohàna varavarana
- Kaikitry ny bibikely (anisan'izany ny kaikitry ny moka)



MISY FANANTENANA HO AN'IREO IZAY MIAINA MIARAKA AMIN'NY VIH

## 7. Anganongano sy tsaho momba ny VIH

Sitrana amin'ny alalan'ny firaisana amin'olona virijiny ny **SIDA – DISO**
Misy karazana vondron-drà (groupe sanguin) tsy andairen'ny **VIH – DISO**

## 8. Foma amam-panaon'ny fiangonana

Tsy ahatonga ny VIH hifindra aminao ireo fomba amam-panao any am-piangonana toy ny:

- Fifandraisan-tànana
- Fifanorohana
- Fanaovana batisa
- Fandraisana ny fanasan'ny Tompo
- Fifanasan-tongotra

## 9. Fiarahan'ny tsimok'aretina VIH sy ny tsimokaretin'ny Raboka

**A Fiarahan'ny tsimok'aretina VIH sy ny tsimokaretin'ny Raboka** dia miroborobo tokoka aty amin'ny faritra Atsimon'i Afrika. Ny Raboka dia aretina mifindra amin'ny alalan'ny rivotra iainana. Azo tsaboina io aretina io ary azo atao ny miaro tena aminy. Kanefa raha tsy arahina an-tsakany sya n-davany ny fitsaboana mifanaraka aminy dia miha-mafy ny Raboka ka tsy handairam-panafody (MDR – TB). Ny Raboka tsy andairam-panafody no endriky ny Raboka atahorana indrindra sy sarotra tsaboina indrindra. **Mba hisorohana io endrika Raboka sarotra tsaboina io, dia iankinan'ny aina ny fitsaboana aloha araka izay azo atao sy ny fanajana ny toromariky ny mpitsabo.**

- Ny olona rehetra izay mitondra ny VIH dia tokony hanao fitiliana ny Raboka.
- Ny olona rehetra izay mitondra ny Raboka dia tokony hanao fitiliana ny VIH.

## 10. Raha sanatria ka voaolana

O Inona no atao hanakelezana ny tahan'ny fidiran'ny tsimok'aretina VIH ?
Ilay olona voaolana dia tsy maintsy entina haingana dia haingana any amin'ny toeram-pitsaboana, ao **anatin'ny 72 ora**, mba handray ny fitsaboana **prophylaxie-post'exposition du VIH (PEP-VIH)**, mba hanakelezana ny mety hifindran'ny tsimok'aretina VIH.
**Arakaraka ny maha-aloha ny PEP no hahatsara ny vokatra!**

## 11. Azo atao ny miaina miaraka amin'ny VIH/SIDA: torohevitra 7 hananana fiainana salama

1. Manaraka rafi-tsakafo voalanjalanja. Ny fomba fisakafo tsara dia manamamfy ny firafitry ny hery fiarovana.
2. Fadio ny paraky, sigara sy toaka.
3. Tehirizo ho salama ny rafitry ny vatana; manaova fampiasan-tena betsaka ary fofoha rivotra madio.
4. Mialà sasatra ampy.
5. Mandraisa fanapahan-kev itra hanampy ny hafa mba hampisy hiviny ny fiainana.
6. Mitadiava olona afaka hanampya anao handresena ireo fanamby samihafa.
7. Matokia an'Andriamanitra.

- Aoka ianao ho tompon'andraikitra amin'ny fitondtran-tenanao manoloana ny hafa.

© copyright AAIM 2008

Sampana Advantista Iraisam-pirenena Miady amin'ny SIDA
www.aidsministry.com

Ity fitaovana ity dia nomanina hanampiana amin'ny fampahafantarana ny VIH/SIDA ary mamintina ireo olana lehibe mifandraika amin'ity aretina ity. Mety ho ilainao ny izy ity mba ahazoanao miresaka momba ny VIH/SIDA amin'ireo olona akaiky anao. Tsarovy fa arakaraka ny iresahana no hahatonga ny olona ho tonga saina ka ho tomombana kokoa ny fiarovana. Mandraisa anjara amin'ny fanoherana ny fanginana sy ireo fitsaratsarana sy hevi-diso tsy marim-pototra mikasika ny VIH/SIDA!

Ireo lohatenin'ny Dian'ny Fanantenana: 1) Ny VIH/SIDA: fampahafantarana ankapobeny. 2) Ny fihanaky ny VIH: inona no fandaminana tokony hatao eo amin'ny fiangonako? 3) Ny VIH/SIDA: inona no fandraisana anjara azoko tanterahina? 4) Ny tanora sy ny VIH/SIDA. 5) Ny fikambanan'ireo renibe sy ny fandraisana an-tànana ireo kamboty. 6) Fanoroan-kevitra mikasika ny VIH/SIDA.

***Asa fanompoana ho an'ny fiaraha-monina tontosain'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito.***

## 12. Soritr'aretina eny amin'ny olona mitondra ny VIH

Mety ho nidiran'ny tsimok'aretina VIH ny olona iray kanefa tsy ahitana soritr'aretina eny aminy; na koa mety hihevitra izy fa aretina hafa no mahatonga ireo soritr'aretina. Ny fitiliana ny rà irery ihany no fomba azo antoka hamantarana na mitondra ny VIH ny olona iray na tsia. Ireto ny sasany amin'ireo famantarana mety hanambara fa mitondra ny tsimok'aretina VIH ny olona iray :

- Havizanana tsy fantatra antony
- Koho-maina
- Fihenan-danja tsy voazava, fahalainan-komana
- Fanaviana miverimberina na dinitra mandritry ny alina
- Vava sy lela rakotry ny zavatra fotsifotsy matevina
- Fisian'ny tsimok'areinta miesho matetika eo amin'ny lalan-jaza ka mihepaka (Candidose)
- Fivontosan'ny atodintarina (maharitra mihoatra ny herinandro)
- Tasy eo amin'ny hoditra
- Fahakiviana, harerahan-tsaina, fahaverezan-tadidy, olana mahazo ny ireo hozatra isan-karazany




**Amin'ny tranga betsaka, ny olona nidiran'ny tsimok'aretina VIH dia tsy ahitana ety ivelany ny sehon'areitna, kanefa mety sy afaka mamindra ny tsimok'aretina amin'ny hafa.**

## 13. Inona no atao hoe tsimok'aretina mpanararaotra?

Ny tsimok'aretina mapanararaotra dia tsimok'areitna tsy handaitra firy na tsy handaitra akory amin'ireo olona salama tsara, kanefa dia maty hitarika fahafatesana ho an'ny olona efa tratry ny SIDA. Ireto avy izy ireo:

- **Ny Candidoses**
  (Mahazo ny vava na ny lalan-jaza – Muguet
- **Aretin-koditra (dermatoses)**
  - Mamontsimpotsina amin'ny hoditra (erruption cutanée)
  - Ratra sy fanaintainana
  - Herpès amin'ny vava sy ny taovam-pananahana
  - Deramtite de Zostère
- **Aretin'ny havokavoka**
  - Pneumonie
  - Raboky ny havokavoka
- **Fivalanana**
- **Homamiadana**
  - Sarcome de Kaposi
  - Lymphole (malin) non-Hodgkinien
- **Syndrome de cachexie**
- **Complications neurologiques variées**



**RAHA TOA NY VALIM-PITILIANAO KA MANEHO FA MITONDRA NY VIH IANAO,** dia midika izany fa nidiran'ny tsimok'aretina ianao ary mamokatra heri fiarovana ny vatanao. Ka na dia mahatsiaro ho salama tsara aza ianao, dia mety hamindra amin'ny hafa. Ka ireny voka-pitiliana ireny dia tsy maintsy hamafisina eo no ho eo aorian'ilay fitiliana voalohany.

## 15. Ny fitiliana ny VIH

Io fitiliana io dia mijery ny fisian'ny hery fiarovana ao anatin'ny rà.ny hery fiarovana dia vokarin'ny vatana hisetra ny tsimok'aretina VIH.

**RAHA TOA NY VALIM-PITILIANA KA MANAMABARA FA TSY MITONDRA NY VIH IANAO**, dia ireto avy no mety ho dikan'izany:

- Tsy mitondra ny VIH ianao, na
- Mitondra ny VIH ianao saingy mbola tsy namokatra hery fiarovana hiadiana amin'ny VIH ny vatanao.

## 14. Fitiliana ny VIH sy fanoroan-kevitra

Ny **fanoroan-kevitra** dia ataon mandrakariva mialoha ny fitiliana ny VIH. Rehefa izany na eny na tsia ny valin'ny fitiliana dia mbola misy hatrany ny fanoroan-kevitra aorian'ny fitiliana. Ho an'ireo vokantra manambara ny tsy fisian'ny VIH, ny fanoroan-kevitra aorian'ny fitiliana dia mikendry ny hanamafy ny vokatra mba hanampiana ilay olona hitoetra ho tsy mitondra ny tsimok'aretina VIH (séronégatif) amin'ny andro sisa hiainany. Ho an'ny olona mitondra ny tsimok'aretina VIH, dia ny fanoroan-kevitra no hamarintra ny mety ho fanantenana sy fahadisoam-panantenana ao aminy.

**DMANOLOANA NY FIDADASIKY NY FIHANAKY NY VIH, DIA ZAVA-DEHIBE INDRINDRA NY HANARAHAN'NY TSIRAIRAY IREO TOROHEVITRA MIKASIKA NY VIH SY NY FANAOVAN'NY TSIRAIRAY FITILIANA NY VIH!!!**

**FANTARO NY TOETRY NY RANAO**

## 16. Ny vanim-potoana antenantenany (fenêtre seriologique)

Io dia ny elanelam-potoana taorian'ny nidiran'ny VIH tao amin'ny vatana sy ny fotona ahitana amin'ny alalan'ny fitiliana ireo hery fiarovana miady amin'ny VIH. Amin'ny ankapobeny dia 3 ka hatramin'ny 6 volana no faharetan'io vanim-potoana io. Midika izany fa ny olona iray izay miahiahy ho nidiran'ny VIH, kanefa ny fitiliana natao taminy dia manambara fa tsy mitondra ny VIH izy, dia tsy maintsy manao fitiliana indray afaka enim-bolana, raha toa ka tsy nisy seho hafa mety ho nahatonga ny fidiran'ny VIH tao aminy nandritra izay fotoana izay.

## 17. Fiarovana tsy hidiran'ny tsimok'aretina VIH

Azo atao ny miaro tena amin'ny VIH amin'ny alalan'ny tsy fanaovana firaisana ara-nofo alohan'nyè fanambadiana (**fifehezan-tena**) ary koa amin'ny fitoerana ho mahatoky amin'olona iray ihany tsy nidiran'ny tsimok'aretina ao anatin'ny sehatry ny fanambadiana (**fahatokiana**).

Ny fimailo dia ampiasaina ho amin'ny fandrindrana ny fiainam-pianakaviana sy ho fiarovana amin'ny aretina. Ny mpivadia dia tokony hampiasa fimailo raha VIH (na aretina hafa azo avy amin'ny firaisana) ny iray amin'izy ireo, mba hiarovana ny ankilany izay tsy marary. Ampiasaina ihany koa ny fimailo ho an'ireo olon-droa hanana firaisana ara-nofo miandritry ny fotoana ela, ka ny iray dia mitondra tsimok'aretina azo avy amin'ny firaisana, kanefa ny iray tsy mitondra. Rehefa samy efa mitondra ny VIH ny olon-droa dia miaro amin'ny fidiran'ny VIH fanindroany ny fampiasana fimailo.


Raha sady tsy mahafehy tena no tsy mahatoky ny olona iray, dia tokony hampahafantarina azy fa ny fampiasana fimailo araka ny tokony ho izy dia mampihena 85 hatramin'ny 95% ny mety hifindran'ny VIH. Ny VIH dia tsy mahavita mandingana ny fingotra « latex » nanamboarana ny fimailo, kanefa ny atahorana hahatonga famindrana ny tsimok'aretina VIH dia ny tsy fampiasana fimailo araka ny tokony ho izy, na fampiasana menaka izay mampalefaka ny « latex ».

Ny fitiliana araka ny tokony ho izy ny rà sy ireo singa avy amin'ny rà, ampiarahina amin'ny fandavana hampiasa fanjaitra tsy nampangotrahina, dia mampihena ny ny mety hifindran'ny VIH any amin'ireo toeram-pitsaboana samihafa
Ny fanadihadiana natao tamin'ny toeram-pitsaboana dia nahafantarana fa ny fampirana ny lehilahy dia mampihena hatramin'ny 60% ny fifindran'ny VIH. Kanefa, mariho tsara fa ny famorana ny vehivavy (excision) dia mampitombo ny mety hifindran'ny VIH amin'ny vehivavy sy ny zazavavy.

Ny fisotroan-toaka dia mampitombo ny tahan'ireo karazana firaisana ara-nofo ahiana sy ny fitondran-tena mampitombo ny mety hifindran'ny VIH. Ny toaka dia mampihena ny hery fiarovana.


## 18. Ny antontan'isa CD4 sy tahan'ny tsimok'aretina

Ny antontan'isa CD4 dia manisa ny isan'ny sela CD4 ao anatin'ny rà 1 milimetatra tora-telo. Ny taha ara-dalàna ao amin'ny olon-dehibe salama tsy mitondra ny VIH dia mety hiovaova kanefa dia manodidina ny 500 ka hatramin'ny 1500 sela/m3. Amin'ny ankapobeny dia io fanisana ny sela antsoina hoe CD4 io no fitiliana fanaon'ny dokotera ahalalany ny toetry ny hery fiarovana. Hita fa ho an'ny ankamaroan'ny olona mitondra tsimok'aretina VIH dia mihena miandalana ny sela CD4 ao aminy; kanefa mety tsy hiova ihany koa izany mandritra ny fotoana lava. Raha midina be ny isan'ny sela CD4 dia mitombo betsaka ny mety hidiran'ny tsimok'aretina mpanararaotra samihafa. Amin'ny ankapobeny dia izany indrindra no antony hanatanterahana fitsaboana fiarovana. Ny fanaraha-maso ny isan'ny sela CD4 dia manampy ny dokotera eo amin'ny famantarany ny fotoana mety hanombohana hihinanana fanafody miady amin'ny VIH, mba hialana amin'ny fahasimban'ny firafitry ny hery fiarovan'ilay marary. Ankehitriny, ny tahan'ny sela CD4 anelanelan'ny 300 sy 350 dia manondro fa tokony hanomboka ny fitsaboana hiadiana amin'ny VIH.



Ny tahan'ny tsimok'aretina dia mamaritra ny habetsahan'ny tsimok'aretina ao anatin'ny rà. Arakaraka ny maha-betsaka ny tsimok'aretina no maha-be ny mety hampihena ny sela CD4, izany hoe ny mety hidiran'ny aretina hafa amin'ny hoavy.

## 19. Fitsaboana ny VIH/SIDA



**Hatramin'izao dia tsy mbola misy na fanafody na vaksiny iadiana amin'ny tsimok'aretina VIH. Na izany aza anefa, ny fihatsaran'ny fitsaboana amin'ny alalan'ireo fanafody mifameno asa dia nampihena betsaka ny isan'ireo olona mitondra ny VIH izay tratry ny aretina sarotra ka matin'ny SIDA. <u>Zava-dehibe sy saro-pady ny fanomanana ilay marary mialoha ny hanombohana fitsaboana.</u>** Tamin'ny taona 1995 no nanombohana ny fitsaboana amin'ny alalan'ny fanafody mifameno, fantatra amin'ny anarana hoe TAHA (Traitement Antiretroviral Hautement Actif). Ny tanjona kendren'io fomba fitsaboana io dia ny hampitsahatra tanteraka raha azo atao ny fitombon'ny tsimok'aretina ao amin'ny vatana. Azo atao ny manafoana ny VIH, ambara-pahatongany ho zara raha hita amin'ny fitiliana, raha toa ka manaraka an-tsakany sy an-davany ny fitsaboana ilay marary. Hatramin'ny dingana voafaritra dia maro ny fomba fitsaboana azo itsaboana ny tsimok'aretina mpanararaotra.

## 20. Manaraka an-tsakany sy an-davany ny fitsaboana

AOKA TSY HAJANONA NA OVIANA NA OVIANA noho ny nahim-ponao manokana ny fitsaboana fiadiana amin'ny VIH (antiretroviral). MANATONA MANDRAKARIVA ny mpitsabo na ny toeram-pitsabona.

Ny fanarahana am-pahatokiana ny fitsaboana dia midika ho fihinanana ireo fanafody araka ny toromarika:

| | | | |
|---|---|---|---|
| Isan'andro | Isan-kerinandro | Isam-bolana | Isan-taona |

## 21. Fikarakarana olona mararin'ny SIDA

ZAVA-DEHIBE ITY!!!

**Raha mitsabo olona mararin'ny SIDA ianao**, dia fadio ny mifampikasoka amin'ny tsiranoka avy amin'ny vatan'ilay marary. Ampiasà fonon-tànana. Tsarovy fa raha tsy mampiasa fonon-tànana madio ianao dia mety hamindra otrik'aretina amin'ilay marary.

**Raha mila fanazavana fanampiny dia manatona ny Toeram-pitsaboana akaiky anao (hopitaly na dispensaire).**

" Mahay ny zavatra rehetra aho ao amin'Ilay mampahery ahy. "

*Filipiana 4: 13.*

Sampana Advantista Iraisam-pirenena Miady amin'ny SIDA
www.aidsministry.com

**Mpanoratra:** Dr Oscar Giordano, MD, MPH; Dr Eugenia Giordano, MD, MPH
**Mpanolo-tsaina**: Courtnenay Harebottle; Dr Alex Llaguno, MD; Dr Fesahan Tsegaye, MD. MPH;
**Asa tànana:** Michael Hank **Fanontana:** Carmel Litho

IFANAMARIHANA: Izay rehetra voarakitra ato anatin'ity fitaovana ity dia natao irery ihany hanomezana ireo fampahafantarana ilaina mikasika ny VIH/SIDA. Tsy misy amin'izay voambara ato azo heverina ho torohevitry ny mpitsabo. Ny dokotera izay nanao fizaham-pahasalamana anao irery ihany no afaka manome torohevitra ara-pitsaboana ho anao Ireo nandrafitra ity fitaovana ity dia tsy manome ato anatiny torohevitra ara-pitsaboana, na amin'ny fomba ahoana na ahoana. Amporisihana ianao hamerina hamaky ity fitaovana ity miaraka amin'ny dokotera mpitsabo anao mba hiara-hijery ireo torohevitra sy toromarika manan-danja. Ny AAIM dia tsy tompon'antoka amin'ny fampiasana ity fitaovana ity.

*FANOMPOANA NY FIARAHA-MONINA TANTERAHIN'NY FIANGONANA ADVANTISTA MITANDRINA NY ANDRO FAHAFITO*